## Vatican 3
Tsy ho sahy namitaka ny Ray Masina kosa angamba Rajoelina

## TIM Talatamaty 7
Nanampy traboina amin'ny fanamboarana ny tranony


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 24 aogositra 2023 Laharana 1464 Vidiny : **600 Ar**


## Miala Rajoelina 2
# J - 16


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


### Fitsipi-pitondrantena tsara ny antoko politika 2
# Hanaraka izany ny TIM tsy hita tabilao ny TGV



### Rajoelina tamin'ny 2018, ny zom-pireneny 3
# HCC : tsy Fitsarana Avo fa Fitsarana Alavo




### Kandidà ho filohampirenena 2
# Hamerina ny hasin'i Madagasikara Ramatoa Zoary Anick Ratsiraka



### Ho an'i Madagasikara na ho mafy na ho mora 3
# Kandidà ho Filoha koa Rasolofonoroniaina Julia Mickaëlle




### Vehivavy nahavanon-doza 6
## Maty notsatohany antsy rangahy vadiny

### Tempoly Xizu Andranovelona 6
## Ho vita amin'ny volana Oktobra

### Daka kely
Tsy ho ela dia ho filoha teo aloha ny anaran' ialahy ry Boaikely a !

SATA FITSIPI-PITONDRANTENA TSARA NY ANTOKO POLITIKA

# Hanaraka izany ny TIM, tsy hita tabilao ny TGV

Nampahafantarina tamin'ny fomba ofisialy tetsy amin'ny Hotel Carlton Ampefiloha omaly, ny sata fitsipi-pitondrantena tsara ho an'ny antoko politika eto Madagasikara, izay natao'ny Fondation Alemà : FES : Friedrich Ebert Stiftung. Mpanao politika maro eto amin'ny firenena no niatrika an'izany, anisan'izany ny filoha nasionalin'ny antoko TIM, Marc Ravalomanana, tao koa ny avy amin'ny antoko HVM notarihan'ny mpandrindra nasionaly Rivo Rakotovao, sy ny maro hafa,… Tsy hita tabilao kosa ny mpiara-dia amin'ny fitondrana : ny TGV,… Antoko politika 4 vaovao ihany koa no nanasonia izany sata izany omaly. Ny sata fitsipi-pitondrantena tsara ho an'ny antoko politika, na charte de bonne conduite des partis politiques, ny anisan'ny zava-dehibe ao anatiny dia ny fametrahana fanaovana politika ao anatin'ny fifaninanana masina sy ao anatin'ny fifanajana, ka ny antoko politika manasonia azy dia manome toky fa hanaraka izay voalaza. Amin'izay maha-sata azy izay koa, manana sanda ambony noho ny lalàna izy. Ny antoko TIM tarihan'ny filoha Marc Ravalomanana dia efa ela no nanasonia ity sata ity, tsy hita tabilao kosa hatramin'izao ny antoko mpiara-dia amin'ny fitondrana, toy ny TGV, … araka ny efa voalaza teo, midika izany fa tsy vonona ho amin'ny fanatsarana ny fanaovana politika eto Madagasikara izy ireo. Mbola mitady hiantehitra amin'ny hosoka sy ny halabato ihany, ka tsy hanaja izay vokatra araka ny tena safidim-bahoaka. Mbola misokatra ny fanasoniavana izay sata izay, ka ho hitantsika eo ihany ny ho tohiny.


*Ny filoha Marc Ravalomanana tetsy amin'ny Hotel Carlton omaly.*

***Isambilo***

Kandidà ho filohampirenena

# Hamerina ny hasin'i Madagasikara Ramatoa Zoary Anick Ratsiraka

Nilaza ny fahavononany ho kandida amin'ny fifidianana ho filohampirenena, izay ho atao eto Madagasikara ny 09 Novembre ho avy izao, ny sekretera nasionalin'ny Antoko Arema Ramatoa Zoary Anick Ratsiraka, ny sabotsyt teo, teny Faravohitra.

Raha tsy manao na inona na inona ny olona tsara hoy izy dia hanjaka ny olon-dratsy. Hita ihany koa hoy izy, fa latsaka ankaterena ny firenena sy ny vahaoaka Malagasy amin'izao fotoana izao ka hijoro hamerina ny hasin'i Madagasikara ny tenany. Tsy fanapahan-kevitra samy irery akory izao noraisina izao, fa nohon'ny fangatahan'ny mpikatroka Arema manerana an'i Madagasikara, nandritra ny fitetezam-paritra izay natao. Tsy efan'ny ireny ny fanavotana an'i Madagasikara, ka dia miantso ny mpikatroka Arema rehetra sy ny antoko politika vonona ny hifanohana ary ireo manampahaizana hitondra ny anjara birikiny ho fanavotana ny firenena iombonana.


*Ramatoa Zoary Anick Ratsiraka.*

Momba ny ho entimanana kosa indray dia nilaza ny sekretera nasionalin'ny antoko Anick Ratsiraka, fa efa vonona izy ireo ary tsy atao ho sakana ny fandraisan'anjara 200 tapitrisa Ar, izay napetraky ny governemanta, ho mariky ny fandraisana anjara amin'io fifidianana io.

Hanatanteraka ireo drafitra izay efa napetraky ny antoko hatramin'izay no tanjoana, rehefa tonga eo amin'ny fitondrana hoy izy . Isan'izany ny boky mena izay nentina nandamina ny fiarahamonina sy hampandrosoana haingana ny firenena.

Distrika miisa 92 hatreto no efa voatsidiny, ary izany dia tamin'ny alalan'ny fiarakodia, fa tsy nisy tamin'ny alalan'ny fiaramanidina, na helikôptera.

***Isambilo***

Firotsahana hofidiana filohampirenena

# Nanomboka omaly ka hatramin'ny 6 septambra ho avy izao

Nanomboka omaly 23 Aogositra 2023, ka tsy hifarana raha tsy ny alarobia 6 Septambra 2023 ho avy izao ny fametrahana ny antontan-taratasy firotsahan-kofidiana ho filohampirenena, ho an'ireo hifaninana ho eny lavoloha sy Ambohitsorohitra eto amintsika. Manomboka amin'ny 9 ora maraina ka hatramin'ny 6 ora hariva ny fotoana fametrahana ny antontan-taratasy eo anivon'ny HCC ho an'ireo izay te hirotsaka ho fidiana.

Miisa 15 ireo antontan-taratasy takiana amin'ny Kandida amin' ny fifidianana Filoham-pirenena 2023 ity:

-Fanambarana firotsahana ho fidiana voasonian'ny Kandida, izay voamarin'ny manampahefana mahefa.
-Kopia nahaterahana/Kopian'ny karapanondrom-pirenena malagasy.
-Cetificat de Nationalité Malagasy, nomena latsaky ny 6 volana.
-Taratasy Casier Judiciaire Bulletin numero 3.
-Kopian'ny Karatry ny Mpifidy sy fanamarihana fa voasoratra anarana ara-dalàna ao anaty lisi-pifidianana ilay Kandida.
-Taratasy fanamarihana avy amin'ny Tomponandraikitry ny hetra, fa nahavoaloa ny hetra ara-dalàna tokony haloany rehetra ilay kandida.
-Taratasy fanambarana avy amin'ilay kandida, fa nahavoaloa hetra sy tataon-ketra ara-dalàna izy.
-Taratasy Filazam-pananana toy ny tany sy trano rehetra an'ilay kandida, sy ny filazana ny fidiram-bolany rehetra.
-Taratasy fanamarinam-ponenana avy amin'ny Fokontany, izay manamarina fa nipetraka sy nonina teto Madagasikara tao anatin'ny 6 volana farafahakeliny, talohan'ny farany fametrahana taratasy filatsahan-kofidiana ilay kandida.
-Taratasy fanamarihana, fa natolotry ny Antoko Politika mijoro ara-dalàna na vondrona antoko Politika ara-dalàna misy eto Madagasikara ilay kandida, na koa taratasy manambara, fa manana olomboafidy mpiahy araka ny voatondron'ny Lalàm-pifidianana ny taona 2018.
-Taratasy fanambaran'ny kandida, fa vonona hanaraka sy hanaja antsakany sy andavany ny Lalàm-panorenana, izay hapetraka amin'ny HCC.
-Quittance sy taratasy fanamarihana, fa voarotsaka ara-dalàna ny caution, firotsahana ho fidiana mitentina 200 Tapitrisa ariary voalazan'ny lalàna.
-Ny sary famantarana sy sarin'ny kandida (version electronique), ho ampiasaina amin'ny Bulletin unique.
-Kopian'ny fanamarihana ny fametrahana ny taratasy fanambaram-pananana teny amin'ny Bianco.
-Taratasy faneken'ny Kandida ny voalazan'ny lalàna, momba ny famatsiambola ampiasaina amin'ny fampielezankevitra, hisorohana ny famotsiambola sy kolikoly ary fampiasambola tsy ara-dalàna.

Ireo daty mbola tsara ho fantatra koa amin'ity fifidianana hatao ny 9 novambra eto amintsika ity : 11 jolay 2023 : nivoaka ny didim-panjakana nanaika ny mpiufidy hanefa ny adidiny. 23 aogositra, nanomboka omaly ny fametrahana ny antontan-taratasy firotsahan-kofidiana. 6 septambra, mifarana ny fametrahana ny antontan-taratasy firotsahan-kofidiana ao amin'ny HCC Ambohidahy. 10 oktobra 2023, hanomboka ny fampielezan-kevitra. 7 novambra, hifarana ny propagandy. 8 novambra, fahanginana ara-pifidianana na silence electoral. 9 novambra, daty hanatanterahana ny fifidianana filohampirenena fihodinana voalohany. 2O desambra 2023 ny fifidianana fihodinana faharoa.

***Isambilo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Miala Rajoelina

# Manao kitoatoa sy an-tandrevaka ny fitaizana ny tanora ma-

1 andro sisa dia hanomboka ny Lalaon'ny Nosy eto amin'ny firenentsika. Mitaky asa vonona izany. Dia na hita manao asa samihafa ho amin'ny fandraisana izany aza anefa ny tomponandraikitra eto amin'ny firenena, toy ny eo anivon'ny fitondrana dia miharihary ihany ny hakelin'ny heriny. Miezaka manamboatra ireo lalana izay saiky simba tanteraka avokoa izy ireo ao anatin'izany ary asaina miàsa mafy ny orinasam-bazaha vaventy. Midika izany, fa may ny endi-boanjon'izao fitondrana Rajoelina izao. May volon-tratra izy noho ireo lakolosy fanairana maro amin'ny fahitana ny zava-misy izay kitoakitoa be ihany, toy ireo nataon'ireo federasiona maromaro andro vitsivitsy kely lasa izay. Eo ihany koa ny fanakianana sy tsikera nataon'ny maro sy ny filazana fa ho afa-baraka eto ny firenena malagasy. Efa tokony ho tamin'ny taon-dasa no natao izany asa izany, fa izao vao mikoropaka etsy sy eroa. Mazava loatra, fa tsy fahaiza-miasa sy mandamin-javatra izany. Ny fanamarihan'ny olom-pirenena maro aza, dia zary maivamaivana be ihany ny fanentanana amin'izany na eo amin'ny marika tokony hisy eny an-dalambe rehetra eny na amin'ny haino vaky jery. Tsy ampy ny serasera fanentanana sy fampiainana ny olom-pirenena sy ny vahoaka malagasy an'izany. Tsy mitovy velively tamin'ny fandraisana ny Lalalon'ny Nosy tamin'ny andron'ireo fitondrana nifamdimby rehetra teo aloha nandray izany ny zava-misy ankehitriny. Midika zavatra be dia be izany ary ahatarafana zavatra maro. Ahafahana indray ihany koa mandrefy ny lentan'izao fitondrana Rajoelina izao amin'ny fanatanterahana Lalao iraisam-pirenena toy izao, na fanomezan-danja ny taranjam-panatanjahantena eto amintsika, na ny fitsinjovana marina sy ny toerana omen'izao fitondrana izao ny zatovo sy ny tanora malagasy. Hita hatreto, fa kitoatoa sy alasafay ny fitaizana ny tanora Malagasy ataon'izao fitondrana Rajoelina izao, soa fa 16 andro sisa ipetrahany eo: J- 16 hoy ny fiteny vahiny izay. Lasibatry ny zavamahadomelina amin'izao fotoana izao ny tanora Malagasy. Ny fihaonana ara-panatanjahantena toy izao mihitsy anefa no sehatra iray lehibe ahafahana miady amin'izany sy aroriaka lehibe ho an'ny tanora. Mazava loatra, ary miharihary tsara araka izany, fa tsy manana ny fahaiza-mitantana sy politika momba ny itaizana ny zaza, ny zatovo sy ny tanora malagasy mihitsy izao fitondrana Rajoelina izao. Fihatsarambelatsihy sy famonjena fotoana iray fotsiny malaza amin'io sehatra ara-panatanjahantena io, toy ny tamin'ny nampisongadina ny Barea, vao mody misehoseho ho tomponandraikitra sy tena mitsinjo azy ireo izao fitondrana izao. Mitombina hatrany ny filazana, fa tsy natao hitondra firenena mihitsy ireo olona eo amin'ny fitondrana ankehitriny ireo. Ho potika sy ho simbasimba ny zanaka malagasy raha izao no mitohy. Tsy azo ekena hitohy intsony ny toy izany.

***Sôh'son***


PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Anjara R.**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Vatican

# Tsy ho sahy namitaka ny Ray Masina kosa angamba Rajoelina

Matoan-dahatsoratry ny gazety mpitondra tenin'ny mpitondra amin'izao fotoana izao ny herinandro teo ny hoe nanomezan'ny Papa François « tsodrano » an'i Rajoelina Andry Nirina, rehefa nihaona tany Vatican izy sy ny vady aman-janany ny alakamisy lasa teo. Tsara tsiahivina fa tamin' ny fandalovan'ny Papa François teto dia nampitandrina ny fitondrana malagasy izy eo amin'ny tranga rehetra mety hampididoza, tsy ho an'ny Firenena ihany, fa ho an'ny Malagasy tsy vaky volo mihitsy. « Tsodrano zava-mahery » hoy ny Fahendrena malagasy ary eo amin'ny Fivavahana kristiana dia fahasoavana koa ny fandraisana ny tsodrano. Mialohan' ny hanomezana izany anefa dia tsy maintsy manaiky ny fepetra rehetra ifotoran'izany ny olona iray. Eo amin'ny Finoana Katolika dia misy ny « Kôfesy » (confession) atao amin'ny Pretra amborahana ny fahotana natao. Tsy amin'ny Mpitondra Fivavahana ihany anefa no tokony hiaiky heloka, fa amin'Andriamanitra indrindra indrindra. Nialohan'ny nanomezan'ny Papa Ray Masina "Tsodrano" an-dRajoelina Andry Nirina dia niaiky ny helony noho ny namitahany ny Malagasy sy nanafenany, fa nangataka ary mizaka ny zo-pirenena frantsay izy nialohan'ny nirotsahany ho kandidà filoham-pirenena, ny taona 2018 ? Tsy misy mahalala izay zava-nitranga tao ny rehetra fa ny azo lazaina dia ho sahin-dRajoelina Andry Nirina ihany koa ve ny namitaka ny Papa Ray Masina François, ka nangataka tsodrano izy mba ho afaka hilatsaka kandidà ho filoham-pirenena? Angamba tsy ho sahy namitaka ny Ray Masina François kosa angamba ny Filoha, izay efa lazain'ny maro fa Rainilainga. Niaiky ve Rajoelina Andry Nirina fa tsy nanao fianianana tamin'ny Baiboly tamin'ny fotoana nametrahana azy tamin'ny toeran'ny Filohan'ny Repoblika izay manana ny lanjany lehibe tokoa eo amin'ny Finoana? Azo inoana fa nangataka izany ny filohan'ny Repoblika mialohan'ny kongresin'ny TGV, aorian'ny fametrahaman-pialany, mba ho marimpototra tsara, araka ny fiheveriny azy, ny fangatahan'ny antoko azy hirotsaka. Azo inoana ihany koa fa tsy maintsy hangataka ny tsodran'ireo ampanjaka sy mpitàna hazomanga ary tangalamena Rajoelina Andry Nirina, asa mialoha sa aorian'ny kongresin'ny TGV kanefa raha ny lojika dia mialohan'ny kongresy no hangatahany izany. Na ahoana na ahoana anefa dia tsy ny TGV na ny tangalamena na ny mpitàna hazomanga na tangalamena no afaka misolotena ny Malagasy iray manontolo, ka hanampi-maso manoloana ny maha vazaha frantsay an-dRajoelina Andry Nirina ary hanitsakitsaka ny Lalàna velona toy ny fanaony nandritra izay folo taona nitondrany izay. Marina fa ny fahefana rehetra dia avy amin'Andriamanitra kanefa rehefa mivaona tsy manaraka ny Sitrapony ka mangalatra, mandainga sy manao kolikoly ary mampaory ny mpiara-belona aminy ny olombelona dia hesorin'Andriamanitra aminy izany fahefana izany. Maro ireo mpanjaka voalaza ao anatin'ny Baiboly no niharan'izany satria tsy nihaino ireo mpaminany irak'Andria- manitra nampitandrina azy tamin'ny zava-doza nataony teo amin'ny fireneny. Tsy ho voatanisa ny lainga sy ny fitaka ary ny fampanantenana nataon-dRajoelina Andry Nirina tamin'ny Malagasy izay. Manjaka tanteraka eto amin'ny Nosy ny "kolikoly" izay "fototry ny ratsy rehetra" ka tsy miaina, ao anatin'ny "fahamarinana" izay "manandratra ny Firenena" araka ny voalaza ao amin'ny Baiboly, ny Malagasy. Manankery sy mitondra soa ho an'izay mangataka izany ny "Tsodrano" raha tsy hoentina mamitaka na manapotika ny fiainan'ny mpiarabelona na ny mpiray firenena, na hatao fitaovana handemena ny sain'ny marivo salosana izay matoky an-kamehana ny "velirano" eo am-bava, kanefa "vely kibay" no avy ao ampo.

***Andry Tsiavalona***

**HO AN'I MADAGASIKARA NA HO MAFY NA HO MORA**

# Kandidà ho Filoha koa Ramatoa Rasolofonoroniaina Julia Mickaëlle

Nitombo isa ireo andriambavilanitra kandida ho filohampirenena ny 9 novambra 2023 ho avy izao. Nampahafantatra tamin' ny fomba ofisialy nandritra ny valandresaka ho an'ny mpanao gazety teny Ivato omaly, fa hirotsaka ho kandida filohampirenena koa, Ramatoa Rasolofonoroniaina Julia Mickaëlle, izay manana ny fotokevitra Ho an'i Madagasikara na ho mafy na ho mora ; Tanindrazako , Taranako. Mahatsapa ny tenako hoy Ramatoa Rasolofonoroniaina Mickaëlle, fa tafalatsaka ao anaty fahantrana sy fahasahiranana i Madagasikara, ka izay no nanosika ahy hijoro indrindra amin'ny maha reny ahy, hitondra ny anjara birikiko hanavotra ny firenena. Nalatsaka tao anaty fahantrana fa tsy latsaka, ary nampahantraina fa tsy nahantra ny Malagasy. Tsy avela ho lasan'ireo vahiny ny tanindrazako hoy izy satria Madagasikara an'ny Malagasy. Ao anatin'izany




*Ny filoha Rajoelina, filoha ninia naka zom-pirenena Frantsay.*

dia maro ny hevitra entinay hanavotana ny firenena, fa ho lazaina ambangovangony ihany hoy ity kandida ity, fa rehefa tonga ny fotoana dia hampahafantarina eto ihany. Fa ny laharam- pahamehana hoy izy dia ny sata mifehy ny Repoblika faha 4, no anisan'ny nahatonga ny savorovoro politika teto amin'ny firenena sy nampahantra, satria tsy ny Malagasy no nisitraka izany fa olona vitsivitsy ; ka ny fironana mankany amin'ny Repoblika faha 5, dia ny fanovàna ny lalam-panorenana hoy izy no hatao. Hanao fitsapankevibahoaka hahafahana mamerina ny soa- toavina Malagasy dia ny fifankatiavana eo amin'ny Malagasy indray izay rava tanteraka ankehitriny isika. Mila averina io soatoavina io, ary terena mihintsy ny vahoaka hanao izany, satria mila miray hina ao anatin'ny fihavanana sy firaisankina vao afaka mampandroso firenena. Mihevitra ianareo fa mbola tanora aho ary tsy manana traik'efa, saingy ny fahavononako ampian' ny finoako, ny fitiavan-tanindrazako arahin'asa miaraka amin'ny vahoaka no hampandroso, hahatonga ny tanjona ho an'i Madagasikara. Manaraka izany, hiady ho an'ny kolikoly avo lenta isika ary mila hialàna izy ireny. Hiadivana tanteraka ireo tsy maty manota manapotika ny firenena. Ny tanora no ho avin'ny firenena, jerena ifotony ireo mba ho tanora vanona. Ny tontolo iainana dia ho jerena akaiky, satria miantoka tanteraka ny fiainan'ny zanak'olombelona. Farany, ilaina hoy Rasolofonoroniaina Julia Mickaëlle ny firaisankina satria tsy vitan'olona irery ny fampandrosoana an'i Madagasikara. Vonona hanolotra ny amiko manontolo aho hoy izy, satria izay sahy maty mifono vy, ny vy fonosiko hoy izy dia ny fitiavako ny tanindrazako.

Rajoelina tamin'ny 2018. Ny zom-pireneny

# HCC : tsy Fitsarana Avo fa Fitsarana Alavo



*Ny filohan'ny HCC, Florent Rakotoarisoa.*

Namaly ny fitoriana napetrak'i Fanirisoa Ernaivo ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (HCC) ny Talata 22 Aogositra 2023 teo, tsy nifanatri-tava tamin' ny mpanao gazety Ingahy Florent Rakotoarisoa Filohan'ny HCC tamin'ny fanambarana nataony, fa niteny tamin'ny alalan'ny '' visioconférence'' , satria voalaza tao amin'ny didy, fa fitsarana tsy azo atrehan'ny rehetra no natao, tsy mahefa hiteny sy nitsara amin' ny fahaverezan'ny zompirenenan'Ingahy Filoha Andry Rajoelina ny HCC ary tsy azo raisina ny fangatahana fandavana ny firotsahany tamin'ny taona 2018, sy ny fanonganana azy tsy ho eo amin'ny toerany.
Mazava fa fitsarana politika tsotra izao no nataon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana, izay hita mibaribary fa fiarovana bontolo an'Ingahy Filoha izay mpampiasa to-teny any amin'ireo andrimpanjakana misy ankehitriny.
Ny nampiasana ilay ''visioconférence'' aloha dia efa tena '' mapme be'' araka ny fitenin'ny tanora, satria toa mbola maniry ny hiverenenan' ny aretina koronaviriosy, ireto mpitsara avo sy ny filohany, ary tsy tahotra tsy henatra izy mianakavy manambany ny tenany sy ny fahefany sahy miteny hoe ''tsy mahefa mitsara'' kanefa ambaratongam-pitsarana faratampony eto amin'ny firenena.
Ny fanapahankevitra avoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana dia didy tsy azo ivalozana, ary ireharehan'ireo mpitsara avo sy Ingahy Filohany izany fahefana makadiry ananany izany , saingy ny mahatsikaiky raha mikasika io zompirenena frantsay ananan'Ingahy Filoha Rajoelina io, dia izao ny zavamisy, Ingahy Filoha efa miaiky fa vazaha izy ary any ampelatanany ilay 8 cm, fa Ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana indray, no mitady handiso izay nolazain'ny tompony , azo an-tsaina fa tsy maintsy hankatoa ny firotsahan'Ingahy Vazaha an-taratasy ry zareo ao Ambohidahy, saingy voafetra ihany ny fahefan'izy ireo , fa rehefa milatsaka ny didy avy any amin'ny Anglisy dia tsy ho afa-manoatra izy ireo , amin'izay fotoana izay dia tsy ho Fitsarana Avo intsony no iantsoana azy ireo fa Fitsarana Alavo .

***Ny Valosoa***

## TONONKALO

## NY AKOHOVAVIN'NY FILOHA

Ny akohovavin'ny filoha no hotenenina ?
Toa mandà tsy te hanoratra ny penina.
Raha ny vava sy hajejoana dia ananany,
Saingy tazana eny foana ny havendranany !

Tena miaiky ireo rehetra izay mitazana.
(Asa ireny na akoho hafa karazana !)
Fa izay hitany rehetra dia tsaingohany,
(Izany angaha no baiko avy amin'ny filohany !)

Hatreto aloha dia tsisy zava-tsara vitany,
Fa ny ataony dia mikepoka izay hitany.
Izy ilay maneno koa , manaitra ihany ,
Toy ny hoe hilaza loza hatrany hatrany !

Marobe ireo mpijery no efa leo
Raha vao mba miakatra eny an-kianja ry zareo,
Satria ny zavatra efa hita sy tsikaritra ,
Dia ny ataony , tsisy iray mba mahafinaritra !

Ireny angaha ilay sambasamba niaka-tsehatra,
Ka ny ataony rehetra rehetra mamohehatra .
Saingy misy ny mahita tsirony aminy,
Fa ireny no akohovavy tena maminy !

***TSIMIMALO (20-08-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Rakotobe Michel

Ny TIM Talatamaty, nanome fanampiana ara-pitaovana fianakaviana traboina nirodana trano.









Ny avy amin'ny antoko Arema, teny Faravohitra ny sabotsy teo.









## NY TENY FIAINANA

*"Ary amin'izany, raha misy manao aminareo hoe: indro, any an-efitra Izy, aza mankany hianareo; indro, ao amin'ny efi-trano Izy, aza mino."*
***Matio 24:26***

AFON'NY LALAON'NY NOSY

# Nafana ihany koa ny fandraisana teto Antananarivo



*Afon'ny Lalao nandalo tany Toamasina.*

Noraisina teto Antananarivo omaly indray ny afon'ny Lalaon'ny Nosy. Nafana ihany koa ny fandraisana izany teto an-drenivohitra, izay toerana hanatanterahana ny hetsika rehetra manodidina ny Lalaon'ny Nosy 2023. Ilay Afon'ny Lalaon'ny Nosy izay efa nampandalovina tany amin'ireo renivohi-paritany 5 eto Madagasikara ka ny Faritanin'i Toamasina no nandray azy farany tamin'ny alahady 20 aogositra 2023 teo. Tahaka ny niseho tany amin'ireo renivohi-paritany hafa rehetra dia tao anatin'ny hafaliana sy lanonana tsy nanam-paharoa ihany koa no nandraisan'i Toamasina an'ity Afo ity tamin'io alahady 20 aogositra 2023 io ary tsy latsak'izany koa ny nandraisana azy teto Antananarivo, toerana hanatanterahana ny hetsika ary hirehatra eto izy io mandra-pahatapitry ny fifaninanana manontolo.

***Rainilita***

Barea Jeux des iles 2023

# Nahazo tso-drano tamin'i Mahamasina

Nahazo tso-drano tamin'ireo olona rehetra tonga tetsy Mahamasina, rehefa niseho vahoaka teo ankianja nialohan'ny lalao famaranan'ny «Coupe du Président 2023 de football » ny « Barea Jeux des iles 2023», hiatrika ny fifaninanana Lalaon'ny Nosy andiany faha-11 hatao eto amintsika. Mikasika an'io fiadiana ny « Coupe du Président 2023 de football » io izay notanterahina teo amin'ny kianjan'i Mahamasina tamin'ny alahady 20 aogositra 2023 ny lalao famaranana nifanandrinan'ny ekipa voafantin'ny Faritanin'Antananarivo sy ny ekipa voafantin'ny Faritanin'i Toamasina dia iry voalohany no nibata ny fandresena rehefa nandresy 1-0 an'ity farany, ka nandrombaka ny amboara sy medaly volamena ary ny lelavola nitentina 20.000.000 Ar niaraka taminy. Amboara kelikely sy medaly volafotsy ary lelavola nitentina 10.000.000 Ar kosa no natolotra hoan'ny ekipan'i Toamasina ary lelavola nitentina 5.000.000 Ar no natolotra ny ekipan'i Fianarantsoa nitana ny laharana fahatelo tamin'ity fifaninanana ity. Samy notolorana omby vositra tsirairay avy koa ireo ekipana Faritany 6 nandray anjara tamin'ity fifaninanana ity.



*Barea Jeux des Iles, nandray tso-drano tetsy Mahamasina.*

***Rainilita***

Coupe du monde féminine de football 2023

# Lasan'i Espagne ny amboara eran-tany

Lasan'ny vehivavy Espaniol ny amboara « Coupe du monde féminine de football 2023 », rehefa nandresy ny ekipam-pirenena vehivavy Anglisy tamin'ny isa 1-0 izy ireo, teo amin'ny lalao famaranana izay natao tao amin'ny kianja "Stade National de Sydney" tamin'ny alahady 20 aogositra 2023 lasa teo. Voalohany teo amin'ny tantaran'ity ekipam-pirenena vehivavy Espaniola ity na ny (Roja) izay notantinin'ilay mpanazatra Jorge Vilda, no nandrombaka an'izany amboara eran-tany eo amin'ny baolina kitra izany. Marihana fa dia mpijery baolina nanodidina ny 75.000 isa tany ho any no nameno ny kianja "Stade National de Sydney" tamin'io alahady io. Ekipam-pirenena vehivavy niisa 32 no nandray anjara tamin'ity fifaninanana ity, izay noraisin'i Australie sy Nouvelle-Zélande niaraka.



*Ny Roja vehivavy espaniola, tompon'ny amboara eran-tany amin'ny baolina kitra 2023.*

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Henakisoa sy anana tyssam** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Hatao ketsaketsa izany, na hatao ritra. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fomba fanalana vakivaky amin'ny vodi-tongotra



Fomba fanalana vakivaky amin'ny vodi-tongotra indray, no Mahasoa eyto amin'ny gazetinao androany. Amin'ny fotoana mangatsiaka toy izao no mety mahavakivaky ny vodi-tongotra.

Ireto no fomba atao analana azy, iray amin'ireto :

- aloe vera gel, na vahona, ahosotra aminy isan'andro : diovina aloha ny tongotra izay vaho osorana ilay gel.
- Vaseline petroleum ahosotra aminy amin'ny alina entina matory, tongotra madio no asiana azy.
- Tantely.
- Menaka diloilo kôkô.
- Lomana rano misy vinaigre de cidre 15 min dia kosehina ary asiana crème avy eo.
- Lomana rano misy bicarbonate de soude 15 min dia kosehina ary asiana crème avy eo.
- Hosorana Colgate.

Atao isan'andro ny iray amin'ireo mandrapahafaky ny vakivaky.

Mihinàna sakafo ara-pahasalamana , misotroa rano be.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Ambodibonara distrikan'i Mahanoro faritra Atsinanana

Ny tanànan'Ambodibonara distrikan'i Mahanoro faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambodibonara ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 11 mandrafitra ny distrikan'i Mahanoro. Vokatra any ny vary, ny lavanila, ny jirofo, ny dipoavatra, ny kafe. Ny voankazo toy ny akondro, ny manga, ny letchi, ny voanio na coco. Misy mpanjono koa ny mponina any Ambodibonara, noho ireo renirano mandalo akaiky ity tanàna ity.



VEHIVAVY NAHAVANON-DOZA

# Maty notsatohany antsy rangahy vadiny

Adin'ny mpivady niafara tamin'ny fahafatesana. Tao Miaramasonadro Antsirabe faritra Vakinankaratra no nisehoan'ity tranga mampalahelo ity ny alin'ny talata lasa teo hifoha ny alarobia. Tokony ho tamin'ny valo ora alina no naheno olona nivezivezy teo amin'ny vavahady iraisana ny mpiaramonina amin'izy mivady izay samy mbola tanora erotrerony ireto. Tsy nisy taitra tamin'izany anefa izy ireo saingy fotoana fohy taorian'io dia injao fa izy mivady mifamaly sy mifanopa, toy ny efa fanaony no nanaitra azy ireo. Taoriana kelin'io dia nandodona tao amin'ny vehivavy iray mpiara manofa trano aminy ilay vehivavy, ka niangavy ity farany mba handray ny zanak'izy ireo izay vao efa-bolana monja. Niverina niakatra an-dranomaso namonjy ny vadiny ilay renim-pianakaviana avy eo. Nitohy hatrany ny fifamaliana saingy tsy nisy nanam-po izay zava-niseho tao ny mpiara-monina raha tsy efa ilay rangahy niantso vonjy tany an-tokontany.Nivoaka nijery ny zavamisy izy ireo ka ilay raim-pinakavina manodidina ny 30 taona efa nihoson-drà vokatry ny tsatok' antsibe teo amin'ny ilatratrany havia no hitan'izy ireo. Niezaka namonjy sy nitondra azy tany amin'ny toeram-pitsaboana ireo mpiara-monina saingy tsy tana ny ainy. Nitsoaka kosa ilay renim-pianakaviana rehefa nahafantatra fa maty vokatry ny fihetsika tsy voahevitra nataony ny vadiny.

Efa noraisin'ny rahavavindreniny ilay zaza, raha mbola mikaroka ity nahavanon-doza kosa ireo mpitandro filaminana.

***Ambinintsoa***

Antsirabe

# Zazavavy 5 taona maty nilatsaka tao anaty dobo

Zazavavy kely vao 5 taona monja no namoy ny ainy vokatry ny filatsahana tao anaty dobo, ny tolakandron'ny talata lasa teo. Ao amin'ny Parc de l'Est, fokontany manodidina ny Gara izy ireo no mipetraka ary raha araka ny filazan'ny mpiaramonina dia efa fanindroany izy no latsaka tamin'io dobon-trondro manamorona ny trano fonenany io ary dia izao niafara tamin'ny fahafatesana izao. Tsy nisy nahatsikaritra ny tsy fahitana azy avokoa ny tao an-trano raha tsy fotoana elaela, ka rehefa notadiavina dia izy efa nitsingevana tao anatin'ilay dobo no hita tokony ho tamin'ny telo ora tolakandro. Nifarimbona namoaka azy tao ny fokonolona sy ny fianakaviany, ka vetivety foana dia azo izy saingy efa reraka be. Noezahina novonjena ka mbola nahakohoka ity zazavavy ity, saingy rehefa tonga tany amin'ny hôpitaly dia tsy tana ny ainy.

Fampianarana sy fanabeazana

# Hamolavolana ho Olom-banona ny Makoto School

Ny hampiara-dalana hatrany ny lafiny fanabeazana sy ny fampianarana, ahafahana mamolavola taranaka malagasy « vanona » ho afaka miatrika ny hoaviny hamiratra tsy anatin'ny tahotra sy ahiahy, noho izy ireo efa mahalala ny andraikitra sy ny adidy miandry azy. Io no antom-pisian'ny « Makoto school », miorina etsy Analamahitsy (Ampitan'ny Supermaki).

I Hasimiarintsoa Rova Mendrika sy ireo mpiara-miasa aminy akaiky, no angady nananana sy vy nahitana ny « Makoto school ». Ity farany izay nandalina manokana ary nahazo ny mari-pahaizana momba ny fahalalana ny kolontsaina sy ny fifehezana ny fomba fampianarana ny fiteny japoney tany Japon. Ny fiteny anglisy sy ny japoney no teny ampiasaina hampitana ny fanabeazana ombam-pampianarana eo anivon'ny « Makoto School Analamahitsy. Manaraka ny fandaharam-pianarana nofaritan'ny Minisitera miahy ny fampianarana eto Madagasikara ny tolotra omen'ny « Makoto school », fa ny fomba fampitana izany amin'ireo « beazina » (Kilonga madinika) eo anivon'ny « Préscolaire » sy ny « Primaire » no nasiana fanatsarana amin'ny alalan'ny fampiasana ny fomba fampitam-panabeazana sy fampianarana norantovin'ny tomponandraikitra voalohany eo anivon'ny « Makoto school » tany Japon ary ny fampiasana ny teknolojia. Miampy ny fifaneraserana ombana fifanakalozana amin'ireo teratany Japoney monina eto amintsika. Manana tombony afaka handalim-pahaizana ombampahendrena any Japon ireo mpianatra eo anivon'ny « Makoto school », noho izy ireo efa mahafehy ny kolontsaina sy ny teny japoney, hoy i Rova. Maro amin'ireo fomba fiaina andavanandron'ny Japoney rahateo no afaka hanatevenana ny soatoavina malagasy ary ahafahana amolavolana « Olom-banona » hoy hatrany ny talen'ny « Makoto school ». Anisan'ny toetsaina tsara alaina tahaka amin' ireo vahoaka Japoney ny fitiavan-tanindrazana, ny fanetrentena ary ny fanajana ny fitsipipifehezana izay efa ampitaina amin'ireo mpianatra eo anivon' ny « Makoto school » : ny soa fianatra, hoy isika Malagasy. Tsy midika ho fanariana sy fanaovana an-jorom-bala ny maha malagasy akory izany. Marihana fa tolorana fahalalana momba ny kolontsaina malagasy sy ny soatoavina raiketin'ireo fomba amam-panao malagasy ihany koa ireo « mibea » eo anivon'ny « Makoto school » Analamahitsy. Tanteraka tokoa, araka izany, ilay hoe : « Malagasy mandroso fa mijanona ho Malagasy ». Aoka tsy hohadinoina, fa tsy « varotra » ny seha-panabeazana fa asa masina ho amin'ny fitondrana anjara biriky ho fanefena ho « Olom-banona ». Mirary ny saram-pianarana eo anivon'ny « Makoto school »



*Mpianatra sy mpanabe, ao amin'ny Makoto School Analamahitsy.*

***Lalasoa Razafindrakoto***

«Tempoly Xizu » » Andranovelona

# Ho vita amin'ny volana Oktobra

Ny volana Oktobra ho avy izao no ho vita tanteraka ny asa fanorenana ny « Tempoly Xizu » eny Andranovelona. Tsiahivina fa ny taona 2019 no nanomboka ny asa fanorenana ireo foto-drafitr'asa eny Andranovelona, izay iantsorohan'ireo mpiasa malagasy miisa manodidina ny 700 lahy. Moines mpitoka-monina miisa 60 ankehitriny no efa monina eny Andranovelona, Kaominina Fihaonana, distrikan'Ankazobe, manamorona ny Lalam-pirenena faha- 04.

Tsy mampiasa fitaovana vaventy (Fitaovana mekanika) ireo mpiasa eny an-toerana fa ny herin-tsandry sy ny fampiasana ny saina no enti-manantontosa ireo asa goavana. Ny alahady 20 aogositra dila teo, no nisy ny lanonana miendrika fangatahana-pitahiana amin'ny alalan'ny vavaka noho ny efa nahavitana ny dingan'ny asa hatreo amin'ny vovonana. Raha toa ka ny fiangaliana ny haiady ho fikoloana ny vatana, saina ary ny fanahy hatrany no nahafantarana ireo Moanina sinoa. Ny ao amin'ny monastera Andranovelona tarihan'i mpaminany Bodista Shi Wule kosa anefa dia ny mozika no ifotoran'izy ireo, ho fitaizana sy fikoloana ny maha olona ho fampanjakana ny fandriampahalemana sy ny firaisankina ary ny fifankatiavana.



Tsy mitsahatra manabe voho ny tontolo iainana amin'ny alalan'ny asa fambolena ireo karazan-kazo ireo « Moines » monina ao amin'ny vohitra faly Andranovelona. Nihatsara, araka izany, ny tontolo iainana eny an-toerana. Maro amin'ireo tanora monina manodidina an'Andranovelona ihany koa no nisitraka asa mahavelona. Tempoly goavana indrindra aty amin'ny Ranomasim-be Indianina ity miorina eny Andranovelona ity. Inoana fa hanamafy bebe kokoa hatrany ny firahalahiana sy fiaraha-miasa eo amin'ny firenena Sinoa sy Malagasy ny fahavitan'ny asa rehetra ao amin' ny vohitra Andranovelona ary hampandroso ny lafiny toe-karena sy ny fizahantany.

***Lalasoa Razafindrakoto***

Coupe de la Confédération de la Caf 2023

# Ny alahady izao ny lalao miverina eo amin'ny Elgeco Plus sy Gaborone United

Tafaverina an-tanindrazana tamin'ny alatsinainy 21 aogositra teo ny delegasiona Malagasy avy any Gaborone, nisy an'ireo mpilalaon'ny Elgeco Plus, avy niatrika ny fifaninanana « tour préliminaire aller de la Coupe de la Confédération de la CAF TotalEnergies 2023/24 ». Tsiahivina fa nandresy 1 – 0 ny ekipan'ny Gaborone United SC teo an-jaridainany ity ekipa Malagasy ity tamin'ny fihaonana natao tamin'ny sabotsy 19 aogositra teo. Ireo vokatra rehetra azo tamin'io lalao mandroso io : 18.8.2023 Singida Big Stars FC 4-1 JKU SCZ 19.8.2023 Bendel Insurance 1-0 AS Olympic Chlef ARTA SOLAR7 3-0 HORSEED SPORTS CLUB Kakamenga Homeboyz 0-0 Al Hilal Sekhukhune United FC vs Young Buffaloes FC (SEKHUKHUNE UNITED FC se qualifient pour le tour suivant après le retrait de Young Buffaloes FC) Cano Sport Academy 1-1 MAESTRO UNITED ZAMBIA FC Ferroviario de Maputo vs BELLE LUMIERE DE DJOIEZI (Ferroviario de Maputo se qualifient pour le tour suivant après le retrait de BELLE LUMIERE DE DJOIEZ) Gaborone United SC 0-1 ELGECO PLUS Amicale des Douanes 2-2 Super Olympien d'une Afrique Renaissante (SOAR) ASCK 0-0 Académie Football Amadou Diallo Milo Football Club 1-1 Dreams FC AS Douanes 2-2 Kallon Football Club Hay El Arab vs AIGLE NOIR C.S THE FIGHTERS (AIGLE NOIR C.S THE FIGHTERS se qualifient pour le tour suivant après le retrait de Hay El Arab) Haidoub 0-1 EL MERRIEKH FC, Juba 20.8.2023 Fath Union Sport (F.U.S) 3-0 AS Loto FC CASA SPORTS DE ZIGUINCHOR 1-1 Etoile Filante De Ouagadougou BAHIR DAR CITY SPORT CLUB 2-1 Azam Football Club Olympique de Beja 0-1 Abu Salim SC Watanga FC 1-3 Stade Malien Academica Petroleos Clube do Lobito 2-1 La Passe FC Hanomboka amin'ny faha-24 aogositra 2023 ireo lalao miverina rehetra, ka ho antsika eto Madagasikara dia amin'ny alahady 27 aogositra 2023 ho avy izao amin'ny 9 ora alina no hanatanterahana an'izany noho ny fandaminana amin'ny fanatanterahana ny Lalaon'ny Nosy.

***Rainilita***





*Elgeco Plus vs Gaborone United SC tany Botswana.*

Fanokafana ofisialy ny Lalaon'ny Nosy 2023

# Ho tanterahina rahampitso zoma etsy Mahamasina

Ho tanterahina rahampitso zoma 25 Aogositra 2023, etsy amin'ny kianjan'i Mahamasina hanomboka amin'ny 5 ora hariva ny lanonam-panokafana amin'ny fomba ofisaly ny Lalaon'ny Nosy andiany faha 11 izay hatao ny 25 ka hatramin'ny 03 Septambra 2023 izao eto Madagasikara. Nisy ny fanambarana avy amin'ny tompon'andraikitry hetsika mikasika an'izany manao hoe : « Asehontsika ho hitan'ireo firenen-drehetra ny firaisankina, ny firaisam-po ary ny fihavanana Malagasy. An-kafaliana no andeha handraisantsika izany koa manasa antsika rehetra hanatrika ny lanonam-panokafana. Ho porofontsika hatrany fa iray ny Malagasy. '*Fandresena anaty firaisan-kina sy fahasamihafana*' ». Raha ny hita sy tsikaritra aloha hatreto, ho latsa-danja noho ny efa natao teto amintsika ity Lalaon'ny Nosy amin'ity indray mitoraka ity. Ny Village des Jeux, na ny tanànan'ny lalao, hahafahan'ireo tanora aty amin'ny faritry ny Ranomasimbe Indiana tena hifanerasera akaiky aza tsy misy, fa dia samy any amin'ny Hotel misy azy ireo mpandray anjara.





*Sary famantarana ny Lalaon'ny Nosy 2023.*

***Rainilita***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**20/08/2023 hatramin'ny 26/08/2023**

- **MAHAMASINA** (Mahamasina) 020 22 545 58 / 020 22 545 59 / 034 07 545 58
- **ISORAKA** (Isoraka) 020 22 285 04 / 020 22 694 12
- **CAPITALE** (Rond point Ankazomanga) 020 23 610 00 / 034 25 610 00
- **AMPANDRANA** (Ampandrana) 020 22 258 99 / 034 19 341 82
- **AMBODIVONA** (Ambodivona) 034 07 228 98

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1464-08-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**BE LOATRA NY FAHALOVANA ETO AMIN'NY FIRENENA**

# Mila mandray andraikitra amin'izay ny olom-pirenena hoy ny AFK



Amin'izao fotoana izao, dia maro ireo kristiana na fiangonana manao asa sosialy ivelan'ny fiangonana. Samy mahatsiaro ho tompon-andraikitra sy manana adidy amin'ity firenena ity, ka manao asa ho anjara biriky amin'ny fampandrosoana ny firenena. Miseho amin'ny endriny maro samihafa izany asa izany, ankoatra ny fizarana sakafo, dia eo ihany koa ireo asa samihafa maro. Anisan'izany ny fiarahamiasa amin'ny tomponandraiki-panjakana eny ifotony, toy ny sefo fokontany na ny Ben'ny tanàna. Vao tsy ela izao no nisy fiangonana Fjkm any atsimon'Antananarivo iny nahavita tetezana lehibe sy tsara. Asa izay misy fiantraikany lehibe amin'ny fiainam-bahoaka andavanandro no nataony. Ny fitondrana aza ela vao mahavita asa toy izany, ary misy aza tsy vitany nefa tena ilain'ny vahoaka. Misy ny manao fangatahana , fa ampiandrasina fotoana ela, ary anaovana kajikajy politika indray ny famitana ny asa sy ny fitokanana azy. Isika anefa tara amantaonany maro amin'ny fandrosoana amin'izao fotoana izao. Ilaozan'ireo firenena afrikana sasany lavitra, nefa taorianantsika izy ireny taloha. Anisan'izany i Rwanda, izay nambara mihitsy fa afaka 70 taona vao mahatratra ny fandrosoan'io firenena io amin'izao fotoana izao. Fahataràna goavana izany. Mila tonga saina ny olom-pirenena. Efa manome môdely izao ny fiangonana sy ny kristiana. Toy izay ihany koa ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK), izay mifototra amin'ny ezaka lehibe fanavotana ity firenena ity mihitsy. Hitondra fiarahamonina vaovao hisian' ny firaisan'aina (symbiotique) sy mampisy fiombonan'aina (symbiotisant) ny AFK. Fiarahamonina tsy mifampitsentsitra, tsy mifanambaka, fa mifanohana, mifamelona, mifanome tànana, mifampivelatra. Fanandratana ny firenena izany, izay miainga avy amin'ny vinan'Andriamanitra ho an'ity firenena ity. Hampisy fiovàna lehibe eto amin'ny firenena izany, ary izay indrindra no andrasan'ny olom-pirenena, fa efa fotoana ela izay nanjakan'ny fahalovana teto amin'ity Madagasikara ity izay. Mila avotana haingana i Madagasikara, ary tsy misy afa-tsy ny Malagasy ihany no afaka hanavotra azy. Efa mitondra ny anjara birikiny ny kristiana ary manome môdely ny olom-pirenena no fitarihana azy ireo ihany koa hahatsiaro ho tomponandraikitra ity firenena ity, sy ho sahy hijoro. Miandry azy ireo ny AFK, sy indrindra hiara-hientana aminy amin' izany adidy lehibe sy masina izany. Ny fifandraisana 034 17 460 53.

*Aris*

TIM Talatamaty

# Nanampy traboina amin'ny fanamboarana ny tranony

Mitohy hatrany ny asa sosialy ataon'ny TIM Talatamaty ao amin'ny distrikan'Ambohidratrimo. Nanao asa soa tao amin'ny fokontany ANKADIVORY ny antoko Tiako i Madagasikara ao Talatamaty ny faran'ny herinandro teo. Nanolotra fitaovana maro hananganan'ireo fianakavina traboina ny trano fonenany noho ny voina nahazo azy ny antoko. Potika nianjera tsy nisy noraisina ilay tranon'ireo olona traboina. Mifanohana hatrany ny Tim Talatamaty ary tsy diso anjara amin'izany ireo vahoaka madinika izay tena tsy misy mpiahy ao amin'ity kaominina ity. Nanampy ny TIM Talatamaty tamin'izao hetsika izao ny Diaspora, izay nosoloin-dRamatoa Sylvie Razafintsalama tena.


*Isambilo*



*Ny asa sosialy nataon'ny TIM Talatamaty ny faran'ny herinandro teo.*

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao) N° 441

BEHARO




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0440)

***Mitsivalana***
- Fahotana
- Avela (miv)
- Renirano
- Ahy (miv) – Ar
- Ta – Ako
- Nisava (miv)
- Anay – Iva

***Mitsangana***
- Faritra
- Aleha
- Hena – AA
- Ovy – Avy
- Tarika
- Osy
- Nana – IV
- Orona

## TENY MIFANAPAKA N° 441




**Mitsivalana**

**1.** Loka sy amboara izay zaraina *2.* Bengy – Fanontaniana **3.** Fifoana **4.** Toby fianarana – Karazana sazy **5.** Tampisaka – Mailo, mahina, mandamin-tsaina **6.** Mpisolo tena (miv) – Lehilahy **7.** Isa omena **8.** Karazam-by (miv) – Natoky **9.** Taova – Satria – Ariary **10.** Mari-drefy – Haja sy voninahitra – Renirano

**Mitsangana**

**A.** Vahoaka ao amin'ny fokontany **B.** Raharaha izay atao – Zanak'i Dada – Tsy sarotra (BR) **D.** Nandeha soavaly sy moto **E.** Ao amin'ny boky – Simba sy masiso **F.** Tsy mikorontana **G.** Marika – Mitempo **H.** Olona be taona **I.** Vizana – Marikandro **J.** Mampisafidy – Mitsako (BR) **K.** Fanadinana – Mahantra

### Valiny Teny mifanaraka 0440

**Mitsivalana**

**1**.Matoanteny **2.** IF - Aloa (miv) **3.** Notolorana **4.** OM - Vato (miv) **5.** Sambava - Ao (miv) **6.** Penina **7.** Taolana - IA **8.** RN - Osa - DDT **9.** Adinony - Ro (miv) **10.** Ahitana

**Mitsangana**

**A** Minisitra **B.** Afo- (M)ando **D.** Tompo **E.** Olombelona **F.** Hosana (miv) **G.** Nao - Vinany **H.** Toroana - Ti (miv) **I.** Tale (miv) **J.** Nanao - Nody (miv) **K.** Avaratra

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka, LW

**Nandray anjara tamin'ny fihaonana, mahakasika ny sata momba ny fitsipi-pitondrantena tsara ny antoko politika, tetsy amin'ny Hotel Carlton omaly, ny filoha Marc Ravalomanana.**









**TIM distrikan'Antalaha . Nanao hetsika ireo tanora sy vehivavy Tim tao Antalaha ny alahady teo, nanadio ny sisin-dranomasina, mba ho fitsinjovana ny fahasalamana sy hitarihana ireo mpizahatany no antony. Ankoatra izay, nisy ny fiarahana nidinika hampandrosoana ny antoko sy nanaovana ny paikady hampandresena ny kandida ny filoha Marc Ravalomanana amin'ny fifidianana ho avy izao.**





